# Sahanasa 1. Fankatoavana ireo didin’ Andriamanitra

- Inona avy no lalàna sasantsasany ao amin’ny fiarahamonina misy anao?
- Inona no mety ho vokatry ny fanarahana tsy tapaka na ny tsy fanarahana ireo lalàna ireo?
- Ahoana no itovitovian’io fampitahana io na ny tsy itoviany amin’ny lalàn’ Andriamanitra?

Nankatò ny didin’ny Tompo i Nefia sy ny mpanaraka azy (jereo ny 2 Nefia 5:10). Vakio ny andinin-tsoratra masina fifehezana fotopampianarana Môzià 2:41 ary tadiavo ny zavatra tian’i Benjamina Mpanjaka ho takatry ny vahoakany momba ny fitandremana ny didin’ Andriamanitra. Afaka mihevitra ny hanisy soratra masina mifandray io andininy io amin’ny 2 Nefia 5:10 ianao.

- Ahoana araka ny hevitrao no anampian’ny fankatoavana ny lalàn’ Andriamanitra antsika ho sambatra?
- Tamin’ny fomba ahoana no nisehoan’i Jesoa Kristy ho ohatra tamin’io fitsipika io?
- Inona no sasantsasany amin’ny didin’ Andriamanitra izay nitondra fahasambarana lehibe kokoa ho anao?

# Sahanasa 2. Asa sy fizakan-tena

Amina taratasy na ao amin’ny diary fandalinanao, makà fotoana hanaovana ny lisitr’ireo tombontsoa izay ataonao hoe avy amin’ny asa mafy.

Vakio ny 2 Nefia 5:11, 15, 17 ary fantaro ny fomba samy hafa niasan’ny Nefita sy ny vokatry ny asa mafy nataon’izy ireo.

Vakio ny “Asa sy fizakan-tena” ao amin’ny kiboky *Jeunes, soyez-forts* (2011) ary jereo izay zavatra ianaranao momba ny fitsipiky ny asa.

NY FIANGONAN’ I
JESOA KRISTY
HO AN’ NY OLOMASIN’ NY
ANDRO FARANY

© 2023 an’ny Intellectual Reserve, Inc. All rights reserved.
PD60013873_654_085-teacher_handout-1
PD60013873_654_085-teacher_handout-2